GSDM

**VOLY RAKOTRA**

**Afovoan-tany sy afovoany andrefana**

# Fampivadiam-boly vary an-tanety sy crotalaire



- Hanatsarana sy hampitomboana ny vokatra
- Hitondra azota ho an’ny vary
- Hiarovana ny tany tsy ho kaohan’ny riaka

Min Agri

afd AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

# Ny antony hampivadiana ny voly vary sy crotalaire

## Fomba mahazatra




## Olana





## Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

- **Mitombo ny vokatra amin'ny fanaovana fampivadiam-boly sy fifandimbiasam-boly**
- **Mamokatra rakotra crotalaire, izay afaka maniry mandritra ny main-tany**
- **Mitahiry ny rakotra eny an-tanimboly**
- Miaro sy manatsara ny nofon-tany
- Mitondra azota ho an'ny vary
- Mihena ny asa atao (fiasana tany, fiavana,…)
- Mitombo ny velaran-tany azo volena vary an-tanety

## Elanelan'ny voly




## Karazan-tany

Fidio ny tany tsara rafitra mety ho an'ny vary (tsy misy andrin-tany, tsy mifatratra, tsy miangon-drano, tsy be striga)

Vary an-tanety nohatsaraina :
Afovoany andrefana Nerica (4, 9, 11), Sebota (403, 406, 410), B22, Primavera
Afovoan-tany : Chommrong dhan (tsipolitra)…FOFIFA 172, FOFIFA 173

sy

Afovoany andrefana : *Crotalaria retusa*
Afovoan-tany : *Crotalaria grahamiana*
hita sy betsaka eny an-toerana

# Fampivadiana ny voly vary sy crotalaire

**Tanjona :** Mamokatra rakotra crotalaire haingana

## Ny atao

Volena mialoha araka izay azo atao ny vary, farafahatarany 15 desambra

**Fatra isaky ny 10 ara (indray manaraina)**

Vary 5 – 7 kg : iray tsongo, masomboly 5 – 7 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Crotalaire 1 kg : masomboly 2 isan-davaka 2 – 3 sm ny halaliny

**Fandonahana 10 ara (indray manaraina)**

Fitondrana zezika isan-davakin'ny vary :

- eo ampambolena : zezi-pahitra na komposta 500 kg, sy NPK (11.22.16) 8 - 15 kg
- 25 andro ao aorinan'ny fambolena : urée 5 - 8 kg

**Fiotazana**

Jinjaina, tsara kokoa raha averina eo antanimboly ny mololo

Otazana ny voan'ny crotalaire rehefa matoy, atao masomboly

## Fitandremana sy fetra

Volena iray volana aorian'ny fambolena vary ny crotalaire (amin'ny fotoampiavana), roa volana rehefa tena lonaka ny tany

Ilaina ny fiarovana ny masomboly vary amin'ny bibikely sy aretina (ohatra insector 4 g na gaucho 2,5 g, isaky ny vary 1 kg)

Tsara ny mampiasa zezi-pahitra na komposta, ampiana zezika simika miankina amin'ny fahafahana



Fafazana fanafody ny crotalaire alohan'ny fotoana famelanany raha tiana ny hahazo voa, toy ny cypermethrine (25 ml/10 ara)

**Fifehezana ny Crotalaire sy fanomanana ny tany ho an'ny voly manaraka**

Ny sisam-bokatry ny crotalaire dia manify sy mora lo, ka mety hirongatra ny ahidratsy izay tsy maintsy fehezina. Misy fomba telo azo ampiharina :


1. mampiasa fanafody famonoana ahitra
2. hajanona ho tapoka taona iray ny crotalaire mba ahazo rakotra bebe kokoa

Tombohana amin'ny fotony ny crotalaire alohan'ny fambolena ny voly fihinana
Volena anaty rakotra crotalaire ny voly manaraka : vary sy crotalaire na voly hafa

3. raha tsy afaka mampiasa fanafody famonoana ahitra na mamela ho tapoka ny tanimboly dia azo atao lafi-boly ihany ny crotalaire

# Diarim-pambolena

| | |
|---|---|
| Oktobra | |
| Novambra | Mamboly vary<br>Mitsiry ny vary |
| Desambra | |
| Janoary | Mamboly crotalaire afaka iray volana |
| Febroary | |
| Martsa | Miara maniry ny vary sy ny crotalaire |
| April | |
| May | |
| Jona | Avela haniry ny crotalaire rehefa avy notazana ny vary |
| Jolay | |
| | |
| Septambra | |
| Oktobra | Vonoina ny crotalaire hanomanana ny fambolena manaraka |



Miverina isan-taona ny diary (na misy tapoka crotalaire herin-taona aza)